

LOHAHEVITRA

- Mahalala sy mahafantatra ny mpanoratra sy ny lalan-kizorany amin'ny maha mpanoratra azy ary mihanoka ny asa soratra nahafantarana azy

LESONA HO TADIDINA

IZA MOA NY MPANORATRA Auguste RAJAONARIVELO

Teraka tamin'ny taona 1890 ny mpanoratra Auguste RAJAONARIVELO. Anisan' ny mpanoratra manan-talenta sy mikaly asa soratra indrindra ary nanoratra tantara betsaka koa Auguste Rajon - izay solon'anarana nentiny amin'ny maha mpanoratra azy ihany, toy ny hoe Astre ihany koa.

Ny 06 aogositra 1957 no nahafatesany.

Ny tantaram-piainany nolalovany sy nizorany:

Nazoto sy narani-tsaina izy hatramin'ny fahazazany, hita taratra izany tamin'ireo sekoly nianarany. Ny MPF tao Ambatobevanja no nikolokolo azy, avy eo tao amin'ny Le Myres de Vilers mba hanoman-tena ho mpampianatra ka vao 17 taona monja izy dia efa nahazo ny CAE. Ny asa fampianarana no nimasoany nandritra ny 40 taona.

Auguste RAJAONARIVELO sy ny literatiora

Maro tokoa ny asa soratra nataon'i Auguste RAJON ary saika nisandrahaka tamin'ireo karazana literatiora rehetra izany, tao ny:

- tononkalo
- sombin-tantara
- tantara foronina

- tantara an-dampihazo
- lahatsoratra famotopotoran-kevitra

Ireny asa sorany ireny dia hita tany amin'ireo gazety sy revio maro ohatra:

- Gazetim-panjakana, Ny vavao frantsay-malagasy
- Akon'larivo
- Fandrosoam-baovao
- Tanamasoandro

Marihina fa mpanoratra tsy niseho firy Auguste Rajaonarivelo fa ny asa sorany no hita teny rehetra teny.

Auguste RAJAONARIVELO sy ny tantara

Na dia nilalao ny karazana literatiora maro aza ny mpanoratra dia niavaka kosa izy tamin'ny famoronana tantara. Isan'izany ireto manaraka ireto:

- Afon' Antongona
- Angolangolan' ny Tanora
- Antananarivo miantsena
- Bina, Tantara hita any amin'ny fandaharam-pianaranana, nahazo ny loka voalohany nokarakarain'ny Belles lettres malagasy izy ity
- Havesatry ny harena
- Robin' Ikamadonto
- Afon'Antongona
- Ilay veromanitra, tantara nahazo ny laharana faharoa tamin'ny fifaninanana tantara Belles lettres malagasy ihany koa.

SAHANASA 1

- 1-Iza ny tena anaran'ny mpanoratra Astre?
- 2-Manomeza solon'anarana ankoatra ny hoe Astre nentin'ny mpanoratra Auguste Rajaonarivelo
- 3-Iza moa ny mpanoratra Rajaonarivelo? Vahavahao anatin'ny fehezanteny fohifohy ny mombamomba azy

SAHANASA 2

Indro misy ampahany amin'ny tantara foronina “Ilay veromanitra”, nosoratan'i Auguste Rajaonarivelo

Tao Antananarivo no nisy an-dRALAMBOMALALA tovolahy nandova be avy amin'ny ray aman-dreniny; vola aman-karena sy trano be soa iray, dia i Fiadanantsoa, ary trano ngezabe telo mihofa. Tsy hainy anefa ny nitantana izany harembe izany fa nolanilaniany tamin'ny loka, fitondran-tena tsy mendrika ary karazan-dalao sy alim-pandihizana saika isan'andro niaraka tamin'ireo naman-dratsiny. Nomen'ny olona anaram-bosotra hoe Rafety mihitsy izy noho izany.

Noho ny tsy fahaizany mitsisy, dia lany tanteraka ireo fananany. Tsy nisy hita koa ireo namany. Voaroaka tao Fiadanantsoa koa izy satria natao antoka tamin'ny filokana io fonenany sarobidy io. Namoy fo tanteraka RALAMBOMALALA, ary nanjary nankahala olombelona. Tapa-kevitra handao ny renivohitra sy ny rendrarendrany izy. Nifindra monina tany Ambohiboara, tanàna iray any amin'ny lalana sahabo ho indroa andro atsinanan'Ambohimandroso, any amin'ny lalana mankany Antsirabe izy. Tanàna nonenan'ny anadahindreniny fahizay Ambohiboara toerana mitokana. Tsy nahasaraka azy RAMORAVELO mpanompovaviny tany Fiadanantsoa ka nanaraka azy. Foto-beromanitra iray no mba nentind-RALAMBO avy any

Fiadanantsoa, ary namboleny tao Ambohiboara. Io no mba hany fahatsiarovany ny ray aman-dreniny sy ilay toerana nahalehibe azy. Nankahala olombelona RALAMBO fa io veromanitra io no notiaviny sy nokolokoloindy. Nifankahalala tamin'ingahy RAINIVEROHANTA sy RAVEROHANTA mianaka izay monina ao Ambatotsipihina, tanàna tsy lavitra an'Ambohiboara

Fanontaniana

- 1-Miainga amin'io lahatsoratra io, sokajio sy fariparito ny mpandray anjara.
- 2-Amin'ny maha lahatsoratra azy, farito ny fotoana hitrangan'ny tantara sy ny habaka
- 3-Tanisao hevi-dehibe misongadina ao amin'io ampanhan-dahatsoratra mitantara io.